# Ilay Voa Tsara Nafafy 18 Novambra 2018

# 18 Alahady novambra

**Misaotra ny Ray, Izay … namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany… Izy no endrik'Andriamanitra tsy hita, ny Lahimatoa talohan'izao zavatra ary rehetra izao ; … Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany ; ary … ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra.** Kolosiana 1. 12-17

## Endrik'Ilay Andriamanitra tsy hita maso

Ny *Zanany malalany* : Jesosy Kristy Tompontsika no Ilay Zanaka malalan'Andriamanitra. Izy dia Andriamanitra sady olona ao amina Tena tokana : „ny Teny dia tonga nofo" (Jaona 1. 14). Zava-iafina tsy takatry ny saintsika hovinavinaina izany, fa raisintsika amin'ny alalan'ny finoana. Amin'izay dia manazava antsika ao anaty ao ny fahazavany, ary mitaona antsika hitsaoka ny Tompontsika, dieny ankehitriny ary ho mandrakizay.

*Endrik'Andriamanitra* : „Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana ; fa ny Zanaka Lahitokana, Izay ao an-tratran'ny Ray, Izy no nanambara Azy" (Jaona 1. 18). Hita maso i Kristy, fa Andriamanitra kosa tsy mba hita maso. Kristy dia maneho an'Andriamanitra amin'ny maha Izy Azy manontolo, sady manambara Azy. Kristy no endrik'Ilay tena Andriamanitra marina, „Izay tsy hitan'olona sady tsy hainy jerena" (1 Timoty 6. 16).

*Ny Lahimatoa* : Miohatra amin'ny manana aina rehetra, dia Kristy no Lahimatoan'ny voary manontolo. Izany anaram-boninahitra izany dia maneho ny fiamboniany. Tsy midika tsy akory izany fa noarìna Izy, fa kosa Azy ny toeram-boninahitra, eo amin'ny zavaboary rehetra. Raha heverina ny fifandraisany amin'ny manana aina hafa rehetra, dia Kristy no mitana ny toerana voalohany. Antsoina hoe Zanaka Izy, ary manana fifandraisana manokana, tsy manan-tsahala, amin'ny Ray.

*Izy no nahariana ny zavatra rehetra (sy nahary azy)* : Kristy no Mpahary izao rehetra izao, ny zavatra azo tsapain-tanana sy ny tsy azo tsapain-tanana, ny hita maso sy ny tsy hita maso, ny olona sy ny anjely. Samy „noarìny" sy „noarìna ho Azy" avokoa ireo rehetra ireo : Izy no Mpahary izao voary izao, ary Izy koa ny tanjon'izany fahariana izany : manompo Azy ny zavatra rehetra.

*Ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra* : Tsy vitan'ny hoe Kristy no nahary ny zavatra rehetra tany am-piandohana, fa Izy koa no mihazona, mikarakara ary tsy mitsahatra manavao ny voary. Amin'ny alalany no mampaharitra ny zavatra rehetra : Izy no „mihazona ny zavatra rehetra amin'ny herin'ny teniny" (Hebreo 1. 3).